**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny hampiasana ny tetibola entina hamaranana ny tetikasa fanorenana trano mora miisa 320 ao Imerintsiatosika izay ho tokanana tsy ho ela. Ny asa fanamboarana ny lalana sy famaranana ireo pitsopitsony ivelan'ny trano no asa mila atao alohan'ny hitokanana ireo trano mora ireo.**

## II. FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY MPONINA SY NY FIRAISAN-KINA**

Nolanian'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana amaritana ny dingana arahina mahakasika ny fananganan-jaza na «adoption plénière»sy ny sata mifehy ny "Autorité Centrale de l'Adoption Malagasy" (ACAM)

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nolaniana ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOMANANA Eric Jean Michel**, ho Tale Jeneralin'ny Institut National de la Statistique (INSTAT)

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

Nolaniana ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RASEHENO Harinirina**, ho Talen'ny "Veille Sanitaire, de la Surveillance Epidémiologique et Riposte"

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-1114 tamin'ny 08 septambra 2023 ary manendry an-**dRamatoa VOLA Manolozato Clémentine**, ho Talem-paritry ny fanabeazam-pirenena mpisolo toerana Androy.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-433 tamin'ny 28 febroary 2024 ary manendry an-d**Ramatoa RAMAROFARANIRINA Julia Rodine**, ho Talem-paritry ny Fampianarana teknika sy ny fampiofanana arak'asa Fitovinany.

**MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

Nolaniana ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa DASY Kellyo**, ho Talem-paritry ny harena an-kibon'ny tany Diana.

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1204 tamin'ny 23 septambra 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRAVONINALA Valison Kiady**, Talen'ny Centre National de Formation, d'Etudes et de Recherches en Environnement et Foresterie (CNFEREF)

***Natao ny 03 septambra 2025***

***Ny Fitaleavan'ny Serasera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***